Ny Valosoa sy hadihady

Raharaham-pirenena

Ny mahakasika ireo mpikambana vaovao amin'ny governemanta

Tafapetraka tokoa ny governemanta « vaovao » andro vitsy taorian'ny nahataperan'ny « fepotoana » niasan'ireo teo aloha. Raha ny marina dia tsy nisy fepotoana voafaritra iasan'ny governemanta ao anaty Lalàmpanorenana, saingy ao anatin'ny hamehana moa ny Firenena amin'izao fotoana izao, ka araka ny mahazatra azy dia afaka mandray fanapahan-kevitra araka izay tiany ny mpitondra. Raha tombanana ny zava-bitan'ny govenemanta teo aloha dia tsy nisy fivoarana sy fampandrosoana azo notsapain-tànana teo amin'ny sehatra rehetra satria latsaka ao anatin'ny lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana ny vahoaka malagasy, ka laharana faharoa avy any amin'ny farany no misy an'i Madagasikara. Miiba 0,4 ny harinkarena faobe izay tsy mbola nisy toy izany teto tao anatin'ny iraika ambienimpolo taona namerenana ny fahaleovantena izay. Tsy nisy tanteraka ireo tetikasa nampanantenaina rehetra na tamin'ny fampielezan-kevitra na nandritra izay fotoana nitondran-dRajoelina Andry izay. Nanambara ny filohan'ny Repoblika tamin'ny heriny alahady, fa tao anaty lavaka be no nisy ny Firenena raha nandray ny fitantanana ny Firenena izy tamin'ny taona 2009. Ny zava-misy anefa dia 5,2 ny tahan'ny harinkarena faobe tamin'ny nifaranan'ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery. Angamba nahatsapa ny filohan'ny Repoblika, fa nampiesona azy ihany ny minisitry ny Toekarena sy ny Vola raha nilaza fa azo atao tsara ny hampiakatra ny harinkarena faobe ho 4% amin'ity taona ity, ka dia nesoriny ary nosoloiny olon-kafa. Niteraka resabe ihany koa ny minisitry ny Atitany momba ny raharaha « écrans plats », tsy teo anivon'ny politisiana ihany fa hatrany amin'ireo mpiaramiombon'antoka ihany koa, ka nakipily tsy hisahana izany andraikitra izany intsony. Tsy vitan'izay fa maro ireo tetikasa efa teo an-dàlam-panatanterahana tamin' izany ary izao fitondrana izao no nitokana ireny sady mirehareha, fa izy no nahavita izany noho ny fitokisan'ny mpiara-miombon'antoka. Ireo efa vita tanteraka kosa dia niniana tsy notokanana mihitsy toy ny seranam-piaramanidina eny Ivato sy ny fitobian'ny taksibrosy, Fisandratana eny Ambohimanambola izay notapenana ny takelaka nisy io soratra io ary nolokoina lokon-doranjy ny fotodrafitrasa. Nisy koa ireo minisitra izay niverina amin'ny toerany kanefa nisalovana tamin'ny anjara andraikitry ny hafa, eny toa nitonontena ho mpisolovava ny filohan'ny Repoblika mihitsy aza indraindray. Rehefa nomena ilay maribo-ninahitra ambony manaraka ny an'ny filoham-pirenena kosa ny sekreteram-panjakana miadidy ny zandarmariam-pirenena, ny jeneraly Ravalomanana Richard, dia izay vao nampoizina fa nisaorana izy na dia azo lazaina fa nahavita izay iraka rehetra nampanaovina azy izy, tsy vao izao fa efa tamin'ny tetezamita ihany koa. Tsy nisy vokany ny fitakiana ireo Nosy Malagasy, ka tsy fantatra intsony izay tsy nanana ny herizika na ny filohan'ny Repoblika mihitsy na ny minisitry ny raharaham-bahiny, fa dia nesorina tamin'ny toerany ity farany. Ny minisitra vaovao voatendry amin'ity departemanta ity anefa no resahina dia manahirana satria toa vazaha frantsay mihitsy no notendrena amin' ny toerana, ka tsy azo antoka velively fa hanohitra ny fanapahan-kevitry ny fitondrana frantsay izy na dia azo kilasiana ho anisan'ny mpanohitra aza any Frantsa. Roambiroapolo moa ireo minisitra vaovao, ka na nofitimpitinina aza ny momba azy ireo tsirairay avy dia vitsy ihany no efa mpiseho sehatra amin'ny haino aman-jery, ka ho hita eo ihany izay hoentiny amin'ny asa fampandrosoana ho an'ny departemanta misy azy, ka hisy fiantraikany tsara amin'ny fiainan'ny Malagasy tokoa. Azo lazaina fa efa bankirompotra ny orinasam-pirenena Air Madagasikara amin'izao fotoana izao, satria efa am-bolana maro no tsy nandray karama intsony ny mpiasa ary tsy misy sidina ataony intsony. Tsy misy tetika hita soritra mizotra any amin'ny fanarenana izany ny fitondrana hatramin'izao, ka asa raha hahita vahaolana entina amin'izany ny minisitra vaovao voatendry. Ahiana ho toy ny Mada Rail koa no mety hanjo ity orinasam-pirenena ity, ka mila olona sahy mandray andraikitra ny fanarenana ny Air Madagascar izay reharehan'i Madagasikara tokoa nandritra ny enimpolo taona lasa. Ho hita eo raha afaka hanova ny tantaran'i Madagasikara tokoa izao fitondrana izao ka hitodika aty avokoa ny mason'izao tontolo izao, fa raha ny roa taona sy fito volana nitondrany ny Firenena no atao jery todika dia ny manantena tsy misy no sarotra fa ny mamoy mora foana.

Andry Tsiavalona

Zandarimariam-pirenena

Nesorina ihany ny Jeneraly Baomba

Nesorina ihany ny farany ny Jeneraly Baomba, na ny jeneraly Richard Ravalomanana, izay jeneraly efa misotro ronono ao anivon'ny zandarimariam-pirenena, nefa notazonina ho sekreteram-panjakana teo ihany. Efa fotoana elaela no voalaza tamin'ity gazety ity, fa nisy ny fimenomenonana anatiny tao anivon'ny zandarimariam-pirenena, nahoana no olona misotro ronono no atao sekreteram-panjakana (Seg), saingy lasa ihany izy ity. Ny Seg vaovao kosa dia jeneraly m-perinasa ary nivoaka tamin'ny andiany faha-17 tao amin'ny Akademia Miaramila Antsirabe (ACMIL). Raha ampitahaina amin'ny ao amin'ny Tafika, mbola maro ireo mpibodo toerana sy ireo misotro ronono no mbola am-perinasa, misy ny nivoaka tamin'ny andiany faha-13 izy ireo ankehitriny. Fa raha hiverenana ny ao anivon'ny zandarimariam-pirenena, tontosa omaly teny Betongolo, tao amin'ny Toby Jeneraly Ramarolahy Philibert ny famindram-pitantanana teo amin'ny Jeneraly Gelle Serge, Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria (SEG) vaovao, sy ny Jeneraly Ravalomanana Richard, na Jeneraly Baomba, izay nitana izany andraikitra izany teo aloha. Tonga nanotrona izany ny Jeneraly Komandin'ny Zandarimariam-pirenena, ireo tomponandraikitra ambony eo anivon'ny Sekretariam-panjakana sy ny Fibaikoana ny Zandarimariam-pirenena sy ireo Manamboninahitra jeneraly avy ao ami'ny andiany faha-17 tao amin 'ny Akademia miaramila Antsirabe, izay andiany niara -nihira tamin'ny SEG vaovao. Sarotra fa azo atao tsara ny fandimbiasana ny SEG teo aloha hoy ny Jeneraly Gelle Serge, SEG vaovao nandritra ny lahateniny ary hatao ao anatin'ny fahavononana izany. Asa tsara hotsarain'ny vahoaka hoy hatrany ny Jeneraly SEG vaovao, no hanaporofoana sy hanamafisana ny filàna sy ny fijoroan'ny Zandarimariam-pirenena eto amin'ny tany sy ny firenena.

Ny Valosoa

Ny famindram-pitantanana teo amin'ny Seg teo aloha, sy ny Seg vaovao.

Sabotsy izao, Vehivavy TIM Analamanga

Fialamboly sy politika ao amin'ny Magro Behoririka

Ao anatin'ny famelomamaso sy fanetsehana ny ao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy amin'izao fotoam-pialantsasatry ny mpianatra izao, hanatanteraka hetsika fialamboly sy politika ny Vehivavy Tiako i Madagasikara amin'ny faritra Analamanga ny sabotsy izao, etsy amin'ny kianjan'ny Finoana Magro Behoririka. Nambaran'ny mpitarika Rahelisoa Arphine, fa efa vita ny herinandro lasa teo ny fanadinam-panjakana bakalôrea ankapobeny, ary ho vita amin'ity herinandro ity ny andiany faha-2 amin'ny baka teknika, tsy ny mpianatra ihany hoy izy no mila miala sasatra amin'izao fotoana izao, fa ny ray aman-dreny ihany koa. Mafy izay niainana ny enimbolana voalohan' ny taona 2021 izay, teo ny valanaretina coronavirus, teo ny fahalavan'ny taompianarana, ka mialohan' ny fidiran'ny mpianatra indray amin'ny fiandohan' ny volana septambra hoy izy, tsara raha mba miala voly ny vehivavy, tsy ny Vehivavy TIM ihany, fa ny vehivavy rehetra, sy ny olona rehetra tsy ankanavaka mihitsy no hasaina amin'ny sabotsy io araka ny nambarany. Na fialamboly aza no hatao, tafiditra eny antsefantsefany eny ihany ny politika, amin'ny maha-rantsana iray ao amin'ny antoko najoron'ny filoha Ravalomanana ny Vehivavy TIM Analamanga. Hanomboka amin'ny 9 ora maraina ny fotoana ny sabotsy 21 aogositra io, hitohy mandra-pahariva ny andro ny hetsika. Na Vehivavy TIM aza no mikarakara dia tsy manakana velively ireo fikambanana ao anatin'ny RMDM rehetra na olontsotra izany ho avy, satria ilaina ny fialamboly hiatrehana ny fiainana mafy ankehitriny hoy ihany ny mpikarakara. Ankoatra izany, samy hitondra ny sakafo sahaza azy avy ny tsirairay. Natao ho an'ny daholobe ny hetsika.

Isambilo

Ny sasany avy amin'ny Vehivavy TIM Analamanga.

TONONKALO

Tsy ny hitondra fa ny handrava

Tsy dia niomana hitondra fa ny hanongana sy handrava,
Izay no tena nimasoan-dry boaikely sy ny tariny.
Fitapitaka sy lainga miampy andrasoandraso lava,
Izany sisa fomba fiadiny fa mihamaizina ny sariny !

Raha fahaizana , tsy misy , traikefa koa tsy ananany.
(Ao anaty fitondrana vao mandeha ny fanandramana.)
Tsisy ny mangarahara ny amin`ny fomba fitantanany.
Manam-bola no tompoiny , ireo no hany alainy ho namana.

Ireo vavana ihany koa no hany mba mpitondra teniny,
Tsy ny manana fanahy na koa ny manam-po mangoraka,
Fa ny mbola vantombantony tia mirehaka ho "reniny",
Faly ny mihorakoraka ary tia mitoratoraka !

...Hany ka tsy mahagaga raha mizotra any amin`ny tsy izy,
Ity lazaina ho lamasinina tena haingana fisosa.
Ny mitondra firenena , lasa toa lalaon`ankizy,
Ka indreo fa ny vahoaka no mihareraka sy osa !

DADAN`i RIANA (15-08-21)